## *MANATONTOSA ASAM-PANIRAHANA …*

## *Mamita iraka… ANY AMIN'NY HOPITALY SY TRANON'NY ZOKIOLONA (Loudéac - Frantsa)*




**Mpampianatra misotro ronono, nandao ny tontolon'ny ankizy aho, ny fahatsorany sy ny mampaharefo azy mba hahita aty Bretagne, tontolo somary hafa : fahendrena, fahanterana ary ihany koa faharefoana.**

**Nangataka ahy ny Mpiandraikitra mba ho isan'ny ekipan'ny atao hoe « eo amin'ny olona toy ny rahalahy » mba hamangy ireo olona tsy afa-mandeha ka mba hanala ny mampanirery azy ireo izay matetika tena mavesatra. Ny fifampiresahana na dia kely aza dia manampy azy ireo tsy hanary haingana loatra ny fitenenana. Raha maniry izy ireo dia miara-mivavaka izahay, mihira sy miangavy an'i « Masina Maria Mpanampy amin'ny zava-drehetra », mitondra kômonio ho azy ireo izahay.**

**Mangataka ny hevitry ny zokiolona, efa reraka, homena kômonio dia mitaky aminay fihainoana lehibe, tena miatrika miaraka aminy izay iainany mba hanampy azy hiditra anaty fahanginana sy fiadanana, ary hahita ny Tenin'Andriamanitra izay miteny aminy.**

**Manamafy ny finoako io fanompoana io, loharanom-pankasitrahana amin'izay rehetra omen'ireo olona ireo iainako ary mangataka amin'ny vavaka ataoko aho mba ahitan'izy ireo fankaherezana entin'ny Mofon'ny Fiainana sy ny Tenin'Andriamanitra.**



Masera Madeleine

## *Mamita iraka … 'DIA MAMAFY ENY AN-DALANA ' … (Tréguier - Frantsa )*



**Nitady toerana iray tao amin'ny Katedraly aho talohan'ny Sorona Masina. Nahita aho teo akakin'ny tovolahy eo amin'ny 13-14 taona, lehibe vatana, milalao ny findainy tsy mitombin-tsaina…nanatona azy aho ary niresaka taminy : « tena tsara ny findainao ! ary lehibe intelo noho ny ahy ! sambatra ianao… raha tianao andeha hiezaka hivavaka miaraka amin'ny kristianina rehetra ato am-piangonana… »**

**Nandritra ny Sorona masina, niangavy azy tamina teny vitsivitsy aho mba hihaino… manolotra… ary indrindra mandritra ny fankamasinana : « Eo anivontsika i Jesoa… aondrika ny loha anehoana aminy fa mankatoa azy isika »… Tamin'ny fotoana hafa nanasa azy aho hivavaka ho an'i papa Fransoà… ho an'ny kristianina rehetra… ireo nodimandry, « mahafantatra angamba ianao ? »-« eny » hoy izy namaly ahy « angatahontsika mba hanampy izy ireo …hanampy ny fianakavianao mba hirindra ny fiainana… Tamin'ny fotoanan'ny kômônio dia nitsangana nandray izy ary niverina tamin'ny toerany. Taorian'ny fotoana fahanginana fohy, hoy aho taminy : « nandray an'i Jesoa ianao, izaho ihany koa… handeha hivavaka isika. Mivavaha ho ahy ary izaho hivavaka ho anao ? » « eny » hoy izy… « iza no anaranao ? » « J. » « izaho kosa Marie-Clotilde »**

**Vita ny Sorona Masina , nisy ramatoa iray niteny taminy « tena hendry ianao nandritra ny lamesa ! mankasitraka anao aho ! ». Nanontaniako izy, iza ilay ramatoa ? « Mpampianatra katesizy ahy hoy izy. Dia hoy aho : « mbola hihaona aminy izany ianao amin'ny tolakandro… hihaino azy ary hametraka fanontanina aminy sa tsy izany ? « eny » hoy izy.**

Talohan'ny tamin'ny 5 hariva, nihaona tamin'ilay mpampianatra katesizy aho izay nilaza tamiko hoe : « nametram-panontaniana roa lehibe lalina i J.. ka hoy ny namany taminy : « tena tsara be ry J… »

Amin'ny jery todiky ny taona dia nitantara ny mpampianatra katesizy azy, akory ny fiomanany amin'ny sakramentan'ny Fankaherezana .

Amin'ny alàlan'io ohatra kely io, azoko misimisy kokoa ny tenin'i Jesoa hoe : « *Mandehana mitory ny vaovao Mahavaly aza mitondra akanjo isoloana, na kiraro fa tehina… »*

Masera Marie Clotilde

## *Mamita iraka … midika 'eny an-dàlana' … (Tréguier - Frantsa)*



Eny an-dàlana… ho any amin'ireo zokiolona eto amin'ny misy anay miisa eo amin'ny folo eo mipetraka amin'ireny trano ho an'ny zokiolona mbola mahaleo tena ireny sy ho an'ny marary eny amin'ny tobim-pahasalamana Masina Misely. Miandry famangiana ny rehetra, ireo no fotoana ahafahany miteny, mahatsiaro sy mandre ny fifandraisana amin'ny fiainana « eny ivelany » . Maniry ny handray kômônio ny sasantsasany ary mahafaly ahy ny mizara amin'izy ireo ny Soratra Masina sy manome azy ny 'Mofon'ny Fiainana' hankahery azy eny an-dàlana…

Eny an-dàlana… isan-kerinandro, mandeha any amin'ny Secours Catholique mivoha ho an'ny fangatahana samihafa : torohevitra, fihainoana vetivety, fanampiana arapitaovana ary ihany koa fihaonana mahafinaritra izay hahafahako mizara zavatra madinika izay nomena ahy, ho an'ny olona te hianatra manao ba, manamboatra zavatra madinika… ho an'ny varotra indray mandeha isan-taona



Eny an-dàlana … ho an'ny amin'ny Katedraly hamafa vovoka, handravaka, hanamboatra voninkazo… manodidina ny ôtely izay misy lasapely maro… mila fikolokoloana ! 'Masina Maria mendrika hajaina, izay efa ho eninjato taona ! mangataka fifantohana ary ekipa iray manontolo no mivondrona amin'ny fikarakarana azy !

Eny an-dàlana… loharanom-kafaliana ihany koa isaky ny zoma miaraka amin'ny antoko mpihiran'ny Paroasy, asa izay tena mahafinaritra mba hanehoana an-kira izay mameno ny fo sy… ampidirana rivotra ny avokavoka !

Masera Germaine

